Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

09 desambra 2020 (Past Zaranaina ANDRIALAMPISON)

Mpitandrina: Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

Hira: 6 FFPM and 1 *"Avia miondreha, ry vazan-tany ô!"*

Vavaka (Mpitandrina)

Lohahevitra:

Vakiteny 1: 1 Tim 3, 1

"1 Mahatoky izao teny izao: Raha misy olona maniry ny asan' ny mpitandrina, dia maniry asa tsara izy."

Hira : 428 FFPM and 1 *"Reko izao, ry Tompo, izany antsonao"*

Vavaka :

→Fisaorana an'Andriamanitra noho ny fitiavany ka iantsoany olona hitory ny filazantsara.

→Fangatahana amin'ny Tompo mba hanirahany mpiasa maro ao amin'ny FPMA.

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 2: 1 Tim 3, 2-7

"2 Koa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, manam-bady tokana, mahonon-tena, hendry, tia filaminana, mampiantrano vahiny, mahay mampianatra,3 tsy mpimamo lian' ady, tsy mpikapoka, fa mandefitra, tsy mpila ady, tsy mpitia vola,4 manapaka tsara ny ankohonany, mampanaiky ny zanany amin' ny fahamaotinana tsara5 (fa raha misy olona tsy mahay mitondra ny ankohonany, hataony ahoana no fitandrina ny fiangonan' Andriamanitra?),6 tsy izay zazavao amin' ny fivavahana, fandrao hieboebo foana izy ka ho latsaka amin' ny fahamelohan' ny devoly.7 Ary tsy maintsy ho tsara laza koa amin' izay eny ivelany izy, fandrao ho lavo amin' ny fananan-tsiny sy ny fandriky ny devoly."

Hira : 428 FFPM and 3 *"Tsy handeha irery fa hiaraka Aminao"*

Vavaka :

→Fangatahana ny hery sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina amin'ny asa fanompoana niantsoan'ny Tompo

→Fametrahana eo am-pelan-tanan'Andriamanitra ny ankohonana

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 3 : 1 Tim 3, 8-13

« 8 Ny diakona koa toy izany ihany, ho maotona, tsy miroa teny, tsy tia divay be, tsy tia harena maloto,9 mitandrina tsara ny zava-miafina ny amin' ny finoana amin' ny fieritreretana madio.10 Ary aoka hizahan-toetra ireo aloha, dia vao hanao ny asan' ny diakona izy, raha tsy manan-tsiny.11 Ny vehivavy koa ho toy izany ihany: maotona, tsy mpanendrikendrika, mahonon-tena, mahatoky amin' ny zavatra rehetra.12 Aoka ny diakona samy hanam-bady tokana sady hanapaka tsara ny zanany sy ny ankohonany.13 Fa izay efa mahavatra tsara ny

asan' ny diakona dia mahazo toerana tsara ho an' ny tenany sy fahasahiana be amin' ny finoana izay ao amin' i Kristy Jesosy."

Hira : 427 FFPM and 1 *"Ho vavolombelonao n'aiza n'aiza no aleha"*

Vavaka :

→Fangatahana fanavaozam-piainana avy amin'ny Fanahy Masina

→Ho an'i Madagasikara amin'ny lafim-piainana rehetra

→Ho an'ity firenena mandray antsika ity sy ny firenena rehetra manerana ny tany

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 4 : 1 Tim 3, 14-16

"14 Izany zavatra izany dia soratako aminao, na dia manantena hankatỳ aminao faingana aza aho;15 fa raha tratra ela aho, dia ny hahafantaranao izay fitondran-tena mety hatao ao an-tranon' Andriamanitra, dia ny fiangonan' Andriamanitra velona, sady andry sy fiorenan' ny fahamarinana.16 Ary iaraha-manaiky mihitsy fa lehibe ny zava-miafina ny amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, dia Ilay naseho teo amin' ny nofo, nohamarinina tao amin' ny Fanahy; hitan' ny anjely, notorina tany amin' ny jentilisa, ninoana teny amin' izao tontolo izao, nakarina tamin' ny voninahitra."

Hira : 427 FFPM and 2 *"Ho vavolombelonao eran-tany…"*

Vavaka :

→Fangatahana mba hamokatra anie ny asan'ny Fiangonana – hitarika olona maro ho an'I Kristy.

→Ho an'ny tsy salama – ho an'ny azon'ny manjo.

→Hetaheta manokana

Vavaka (Mpitandrina) + *« Rainay izay any an-danitra… »*

Hafatra :

"Koa amin' izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin' ny asan' ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin' ny Tompo." (1 Kor 15, 58)

Tsodrano :

« Ho an' izay rehetra, malalan' Andriamanitra sady voantso ho masina: ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin' Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.» (Rom 1, 6)

Mpitarika: Voninahitra ho an'Andriamanitra, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Mandehana amin'ny fiadanan'ny Tompo. Amena.